



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fiteyana · Tanindrazana · Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-83

**LANONAM-PAMARANANA NY FIVORIANA ARA-POTOANA
VOALOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2020**

Fivoriana faha-29
Natao ny
Zoma 3 Jolay 2020
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

FOTOANA: Zoma 3 Jolay 2020 tamin'ny 3 ora sy 35 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-pamaranana ny fivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2020.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Mitohy ny fivoriantzika.

Faly miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao Lanonam-pamaranana ny fivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2020 izao.

langaviana ny Mpitantsoratra hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -

Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Vita, Ramatoa Filoha.

- KabarindRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny famakiana izay andinin-dalàna izay.

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta,
Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona,
Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena,
Andriamatoa Filoha Lefitry ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy,
Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitry mpikambana ao amin'ny Governemanta,
Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina,
Andriamatoa Talen'ny Kabinetran'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana
Andriamatoa Talen'ny Kabinetran'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miahy ny Zon'olombelona
Ianareo olona manan-kaja ambony sivily sy miaramila izay tonga manatrika etoana,
Ianareo mpandraharaha namana mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena,
Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa,

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Amin-kafaliana feno indray no iarahabako anareo manemitra ny trano ankehitriny,
manoloana izao lanonana famaranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohany fanaon'ny Antenimierampirenena izao.
Misaotra ary mankasitraka koa amin'ny fanotronana fa hita taratra mandrakariva ny fanajanareo sy fanomezam-boninahitra ity Andrimpanjakana misy anay ity.

Isaorantsika hatrany koa Ilay Andriamanitra Tompo, miahy tsy tapaka ary nanampy tamin'ny fiatrehana ny asa nandritra izay roa (2) volana izay.

Manarak'izany dia heverina fa mbola fotoana izao iarahabana ny vahoaka Malagasy tamin'ny nahatratrarantsika ny faha-60 taona niverenan'ny Fahaleovantenam-pirenena tamin'ny faha-26 Jona lasa teo.

Noho ny zava-misy atrehin'ny Firenena ankehitriny dia somary nihafihafy isika tamin'ny lanonam-pankalazana. Miondrika am-panajana sy maneho ny fiaraha-miory amin'ireo namoy ny ainy ary mankahery sy mirary fahasitranana ho an'ireo mbola mararin'ny "Coronavirus".

Eny, mandalo fotoan-tsarotra tokoa isika saingy tsy hampiova ny fitiavan-tanindrazana mitempo ao am-pon'ny Malagasy tsirairay akory izany, fa vao maika aza hampiredareda ny afon'ny fahavononana hioitra, hikatsaka miaraka ny soa iombonana ho an'ity Tanindrazana iaraha-manana ity. Otrikafon'apombo izao koa na tsy hirehitra dia maneto hatrany.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Hisantarana ny lahateny ary amin'izao fahaherin-taonan'ny Legislatiora faharoa amin'ity Repoblika fahaefatra ity dia fomba ihany amin'ny fotoana toy izao no manao tatitra fohy tamin'izay herin-taona voalohany nodiavina izay.

Vao tonga teo amin'ny fitantanana ny Antenimierampirenena tokoa mantsy izahay dia napetraka ho fanamby ny hamerenana ny hasin'ity Andrimpanjakana ity.

Nirosoana tokoa izany ka:

- fanavaozana fotodrafitrasa maro no natao teo anivon'ny Lapa;
- nitondrana fanavaozana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena;
- nandraisana fepetra ny fomba hialana amin'ny fivadibadihana ara-politika na ny "nomadisme politique";
- nampitomboina ny fetr'isa farafahakeliny mandrafitra ny mpikambana ao amin'ny Vondrona Parlemantera;
- foana tato amin'ny Antenimierampirenena izany Solombavambahoaka manao kolikoly izany ankehitriny, eo ampanaovana ny asa maha mpanao lalàna azy.

- Tehaka -

- izany no anisan'ny antony lehibe nametrahanay ny "Code d'éthique et de déontologie" ao amin'ny Fitsipika Anaty. Misy ny Tolo-dalàna mbola omanin'ny Solombavambahoaka avy ao amin'ny Distrikan'i Vondrozo mikasika izany.
- Sy ny sisa sy ny sisa

Fehiny, namboarina tanteraka ny sehatra nahafahan'ny Solombavambahoaka manao ny asany an-kalalahana sy araky ny lalàna manan-kery mba hahitana fahombiazana.

Efa misy vokany ny ezaka ankehitriny satria amin'ny ankapobeny dia nahafapo ny tahapahavitrihan'ny Solombavambahoaka tonga namonjy ny fivoriana taty amin'ny CCI na dia lavitra aza ny toerana. Marina fa asa efa nekena ary adidy eo amin'ny Firenena, fa rehefa natrehinareo tamim-pitiavana sy fahavononana tahak'izany kosa dia tsy hay hatao ny tsy hidera sy hankasitraka anareo Solombavambahoaka rehetra tsy an-kanavaka.

- Tehaka -

Tamin'ny ankapobeny tokoa dia nahatratra teo amin'ny 60% na 70% teo ho eo ny Solombavambahoaka tonga nanaraka ny fivoriana tety amin'ny CCI Ivato.

- Tehaka -

Azo lazaina arak'izany, fa voafehy ankehitriny ny tahan-tsy fahatongavana na ny "absentéisme".

Etỳ ampiafaran'ny fotoam-pivoriana ankehitriny dia sahinay ny milaza, fa na teo aza ny fahasaratana isan-karazany dia nahavita, nahefa ny adidiny sy ny asa nankinin'ny vahoaka sy ny Firenena taminy ny Solombavambahoaka.

Misy porofo izany, ka toy izao indray ny tatitra fohy tamin'ny asa vita nandritra izay fotoam-pivoriana izay:

- Volavolan-dalàna miisa folo (10) no napetraka teo amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena, nodinihana sy lany avokoa izy ireo raha toa ka ny efitra (04) tamin'izany no nasiam-panitsiana fito amby roapolo (27);
- Tolo-dalàna miisa telo (03) kosa no nodinihana, ka ny roa (02) tamin'izany no lany soa aman-tsara rehefa nasiam-panitsiana roa amby efapolo (42). Ny iray (01) tamin'ireo Tolo-dalàna ireo kosa dia nahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana azy;
- Tolo-pehin-kevitra miisa dimy (05) no napetraka teo amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena, ka ny roa (02) tamin'izany no lany tsy nasiam-panovàna, ny telo (03) ambiny kosa nahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana azy.

Voatendry ihany koa ny solotenan'ny Antenimierampirenena handrafitra ny CENI, ka mirary fahombiazana ho azy isika hahatontosany antsakany sy andavany ny asa hiandraiketany. Tsy handrarako ilo mby an-doha ny Antenimierampirenena izay nifidy azy.

Torak'izany koa ny fananganana ny vaomiera manokana misahana ny fiampangana eo anatrehan'ny Fitsarana Avo. Dingana lehibe tokoa izany amin'ny firosoantsika mankany amin'ny tany tan-dalàna. Manainga ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'izany vaomiera izany ny tenako mba hanao ny asany amim-pahamendrehana araky ny lalàna manan-kery satria fantatra fa tsy mora sady tsy izahana tavan'olona izany asa izany.

Teo ihany koa ny fihainoana ireo tatitra izay avy amin'ny CNIDH sy ny HCDDDED izay nahaliana ny Solombavambahoaka tokoa.

Ankoatr'ireo dia tsara averina sy ampahatsiahivina eto indray na dia efa voambara aza satria zava-dehibe loatra, fa nanapakevitra ny Solombavambahoaka hanohana ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry Nirina RAJOELINA, amin'ny fitakiana ny fiandrianam-pirenena manoloana ireo Nosy manodidina na Nosy Malagasy.

- Tehaka -

Ny Nosy Sambatra izany, ny Nosy Kely, ny Nosy Bedimaka ary ny Nosy Ampela. Ny Antenimierampirenena dia maneho etoana ny firaisan-kina sy ny fanohanana feno ny Governemanta Malagasy izay mitsipaka ny vinan'ny Governemanta Frantsay hanao ny Nosy "Glorieuses" (Nosy Sambatra) ho tahirin-javaboaharim-pireneny. Teo anivon'ny fivorian'ny Biraon'ny Maharitra ny Talata 19 Mey 2020 mihitsy no nanapahana io fanambarana io ary nohamafisin'ny fanambarana miaraka nataon'ny Solombavambahoakan'i Madagasikara. Izany hoe, tena ofisialy io fanehoan-kevitra io ary feon'ny Antenimierampirenena Malagasy. Vao maika mitombo ny fanantenana ankehitriny satria fantatra vao tsy ela akory fa manohana antsika ny Vondrona SADC amin'ny fitakiana ireo Nosy Malagasy ireo ka hiady irery aza saika natao, ka nampiana ve tsy ho tafika?

langaviana koa ny Governemanta hanatona ny Vondrona Afrikana (Union Africaine) satria azo lazaina fa Nosy Afrikana mbola voazanaka ireo Nosy Malagasy ireo.

Niavaka ny fihaonana teo amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izay notarihan'Andriamatoa Praiminisitra tamin'ity indray mitoraka ity; satria hita taratra fa tena mihatra ao anaty programan'asa tokoa ny tenin'ny Filohampirenena amin'ny tsy hampisy Distrika hadino na iray aza eo amin'ny lafiny fotodrafitrasa sy fampandrosoana.

- Tehaka -

Hita tokoa fa misy ny firindram-piaraha-miasa eo amin'ny samy Mpanatanteraka, satria mbola voaporofa ao amin'ny Lalàna ifehezana ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020, izay lany soa aman-tsara teto anivon'ny Antenimierampirenena, izay finiavana hampandroso ny Distrika rehetra eto Madagasikara izay. Nahafaly ny Solombavambahoaka izany, ka tsy nahagaga raha toa ka nahay nankasitraka izy ireo tamin'ny alalan'ny fanehoan-kevitra ny Vondrona Parlemantera tsirairay avy. Koa ny teny ierana iny vita, fa ny fanatanterahana azy sisa no andrandraina sy atokisana anareo, Andriamatoa Praiminisitra sy ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta izay tarihin'ao. Raha hirava eto izao izahay dia hanao tatitra any amin'ny vahoaka fa ho avy ny anjaranareo tsirairay avy any amin'ny Distrika, koa samia maharitra kely sy mivonona aby.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Raha hitoetra eto amintsika ny fitoniana, hahafahan'ny fandaharan'asan'ny Governemanta sy io Tetibola nasiam-panitsiana, taona 2020 io hihatra marina dia mahazo mino sy manantena isika, fa hisy fiovàna sy fandrosoana marina tokoa i Madagasikara iray manontolo. Tsy azo avela hanjaka na ho vato misakana amin'izany ny tsimok'aretina "Covid 19", fa tsy io akory no singam-bolo handavo ny vositra eto, ka hanakana ny Firenentsika tsy hiroso. Eto izahay dia mankahery hatrany ny mpitondra, ny Filohampirenena Andriamatoa Andry Nirina RAJOELINA sy ny Governemanta izay tarihin'Andriamatoa Praiminisitra. Ao aorianareo hatrany ny Antenimierampirenena Tompoko, manosika anareo hiroso mandrakariva, fa izahay tsy mba naman'izay mihemotra. Mampahatsiahy anareo hatrany izahay eo ampanatontosana ny adidy sy andraikitra goavana iantsorohanareo. Ny Antenimierampirenena dia andry iray lehibe afaka ihany koa manoro hevitra satria izy no akaikin'ny vahoaka indrindra.

Noho izany dia mila ezaka iombonana, mila ny fandraisan'andraikitra ny rehetra ny ady amin'io valan'aretina io. Tsy ao anatin'ny fimenomenomana na ny tsikera lavareny akory no handresena azy io, fa ny fanarahana ny fepetra hentitra ary ny fitandremana ihany koa. Ao mantsy ireo mbola manao tandrevaka, ka toy ny totozy misangy an-davenona, ka ny natao ihany no maha ditsoka azy. Koa manainga antsika vahoaka Malagasy tsy vaky volo izahay, mba tsy ho mandrimandry manan'aretina, fa hanana ny foto-kevitra sy foto-pisainana maha olona mitsinjo ny aina, satria sarobidy ny aina ary lahitokana ny aina.

Ny fitondram-panjakana kosa dia entanina mba hiroso bebe kokoa amin'ny ezaka ho fampitaovana ny mpitsabo sy ny fifampidinihana amin'izy ireo mikasika ny olana sedrainy eo ampanatontosana ny asany. Tsy vitsy ny mitaraina amin'izany. Amporisihina hatrany koa ireo mpampihatra lalàna ho hentitra amin'ny fampiharana ny lalàna sy ny fepetra hiadiana amin'ny tsimok'aretina. Ankasitrahana ny fandraisana fanapahan-kevitra ho an'ireo izay tsy manaraka ny fepetra. Tena derain'ny vahoaka ireny fanapahan-kevitrareo ireny, ho an'izay tsy mitondra arotava.

Tsika anefa fa na somary goragora aza teo ny fanaraha-maso; ankehitriny kosa manoloana ny fihanaky ny aretina dia hita ary azo tsapain-tànana fa mihahentitra ianareo amin'ny fandraisan'andraikitra amin'ny fampiharana ny fepetra hiadiana amin'ity aretina ity. Etsy ankilan'izany dia ankasitrahana tokoa ny ezaka efa vita ho fampitomboana ny toeram-pitiliana toy ny LA2M, ny "Village Voara", sns....

Ankasitranan'ny Solombavambahoaka ny fandefasana ireo ekipan'ny mpitsabo sy ny mpitsabo mpanampy tonga tety Ivato nanao fitiliana ny Solombavambahoaka, raha vao nangataka izahay. Ny fangatahana no ela, fa teo noho eo dia namaly ianareo.

Misaotra, Tompoko, fa ankasitrananay izany, Andriamatoa Praiminisitra sy Andriamatoa Minisitry ny Fahasalamana.

- Tehaka -

Eo amin'ny raharaham-pirenena ihany dia tsapa ankehitriny fa miaina tanteraka ao anatin'ny Demokrasia isika izao. Malalaka ny fanehoan-kevitra, ka mitobaka izay tsy izy ny tsikera atao amin'ny mpitondra. Eo indrindra no mijoro ny Antenimierampirenena, mba hampita hafatra mikasika izay fanehoan-kevitra ny mpankasitraka sy ny tsy mpankasitraka ny fitondrana izay. Aoka kosa mba hanaja ny fetran'ny fahalalahana miteny ka hamafy vaovao tsy marina na vaovao tsy voamarina.

Ekena tokoa, Tompoko, ny fampiharana ny Demokrasia, fa tsy mora izany saingy aoka tsy izay no hampisaraka antsika Malagasy. Aoka hotandrovin'ny rehetra toy ny anakandriamaso hatrany ny firaisam-pirenena; aoka tsy ho voatohintohina ny fihavanana Malagasy ary aoka tsy hifandrafy ny mpiara-belona noho ny hevitra voizin'ireny tambajotra sosialy ireny.

Izay ihany no mba hafatra avy aminay Solombavambahoaka ho antsika vahoaka Malagasy sy hafatra ho an'ny mpanao politika ary hafatra ho an'ny mpaneho hevitra eto amin'ny Firenena.

Misy hafatra koa izay tena manitikitika ny sain'ny Solombavambahoaka dia ny mikasika ny fampahafantarana azy ireo ny mangarahara amin'ny fampiasana ny vola aman-tapitrisa dolara momba ny fitantanana sy ny fitsinjovana ara-tsosialy noho ny voina aterak'ity valan'aretina "Covid 19" ity.

- Tehaka -

Matoky anao izahay, Andriamatoa Praiminisitra fa tsy hanao tompon-trano mihono ny Antenimierampirenena amin'ny lalana andehanan'ireo volabe ireo ianao.

Mikasika ny resaka "Colisée" eny amin'ny Rovani Manjakamiadana izay nahabe resaka tokoa tao ho ao dia efa nitondra fanazavana mikasika izany ny Filohampirenena tamin'ny Alahady 31 Mey 2020 lasa teo, teny amin'ny Lapam-panjakana lavoloha. Koa heverinay fa voavaly nandritra izany ny fanontaniana nanitikitika.

Hafatra iray no mba tianay hapetraka, aza hadinoina ny Antenimierampirenena rehefa misy fanapahan-kevitra mety hisy fiantraikany lehibe sy sarotra eto amin'ny Firenena.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Somary betsaka ihany izay efa voalaza izay, ka eto ampamaranana dia tsy hainay ny tsy hanolotra fisaorana; voalohany dia ny Filohampirenena, Andriamatoa Andry Nirina RAJOELINA amin'ireo fotodrafitrasa maro hapetraka isaky ny Distrika ary ireo orinasa sy paikady entina manandratra indray ny Firenena.

Enimpolo (60) taona atỳ aorian'ny niverenan'ny fahaleovantena. Tao anatin'ny fotoana fohy tokoa no nahavitana izany ary mitohy ny fanatanterahana ny IEM sy ny velirano. Milazà ny tsy hita raha te-handainga, fa be ny asa mandeha amin'izao fotoana izao, Tompoko.

- Tehaka -

Mamerina ny fisaorana antsika Solombavambahoaka iray manontolo, tsy an-kanavaka, nahavita niatrika tamim-pahazotoana sy tamim-pahamendrehana ny asa rehetra nandritra ny fotoam-pivoriana hifarana androany ity.

Mirary soa ho anareo sahady izay hitodi-doha any amin'ny Distrika nahalany azy avy.

Tsy hadinoina, tsy kely fa tena lehibe dia ny fanolorana fisaorana an'Andriamatoa Praiminisitra, ny Minisitry ny Toekarena sy ny Vola nanome anay malalaka an'izao toerana izao, nahafahanay nanatontosana izany asa izany ary nahafahanay nanaja koa ny fepetra takiana amin'ny ady atao amin'ny "Coronavirus"; voahaja ny elanelana, hita fa malalaka ny toerana; tsy nifampikasoka isika, fa asakasak'ireo Solombavambahoaka te-hifampikasoka amin'ny namany.

Haiko tsara, amintsika Solombavambahoaka izany manin-te hody izany, fa tsa manjehy tany lavitsa, tsa miola vohits'ambo, tsa voasakan'ony mitihitihy; ka samy hahavita soa ny lalana aby, Tompoko, ianareo rehetra.

- Tehaka -

Ao indrindra indrindra koa ianareo ao amin'ny Governemanta, nanampy anay Antenimierampirenena tamin'ny fanatontosana ny fivoriana izay natao tety amin'ny CCI Ivato; tsy avahana ianareo rehetra, isaorana ianareo. Nantsoina andro dia tonga, nantsoina alina tahaka izay koa.

Misaotra sy mankasitraka, Tompoko.

Tsy hadino ny mpandraharaha, mpiasa eo anivon'ny Antenimierampirenena; na dia zava-baovao aza ny fiovan-toeram-pivoriana dia nanao izay hampandeha ara-dalàna, antsakany sy andavany ny asa rehetra natao tetỳ Ivato sy nandritra ny fotoam-pivoriana. Tsapako manty fa tsy mora ny mitondra ny fitaovana rehetra etỳ, lavitra ny toerana, ao ny fitohanan'ny fiara, ny "logistique" kanefa natao tamim-pirahalaliana sy ampifaliana izany.

- Fifaranan'ny fivoriana -**Ramatoa FILOHA**

Farany dia farany, mankasitraka anareo rehetra tonga nanotrona izao lanonana famaranana amin'ny fomba ofisialy ny fotom-pivoriana ara-potoana voalohany fanaon'ny Antenimierampirenena, tetỳ amin'ny CCI Ivato izao.

Samia hotahian'Andriamanitra aby agnareo.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Ambarako ary fa mifarana ny fotoam-pivoriana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2020.

Mitsodrano anareo Solombavambahoaka ho tonga soa aman-tsara any aminareo sady ho lavitry ny "Coronavirus".

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

- Tehaka -

- Lakolosy -

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

